# Vokatra Andrasana

Mbola mifototra amin'ny lafy telo ny paikadim-pirenena vaovao mom- ba ny ady amin'ny kolikoly dia ny fisorohana, ny fanabeazana ary ny fampiharana ny lalàna. Fomba ankapobe sy miombona manainga ny tohana mahery sy fanetsehana ny vahoaka, amin'ny alalan'ny hetsika vonona marina ho amin'ny ady amin'ny kolikoly no tiana apetraka.

Singa mankadiry amin'izay rehetra tiana hatao iadiana amin'ny kolikoly ny finiavana politika. Ny ampaham-bola hamatsian'ny fanjakana ny fandaharanasam-pirenena iadiana amin'ny kolikoly sy ny ampahana tohana ataon'ny mpiara-miombon'antoka tekinika sy ara-bola ho amin'ny ady amin'ny kolikoly no anisan'ny maridrefin'io finiavana politika io.

Ireto no vokatra kendren'ny paikady vaovao :

1. Mahavita mampihena ny fanaovana kolikoly eo amin'ny sehatrasam-panjakana ary mahazo ny faneken'ny olom-pirenena sy ny mpitarika politika ireo sehatra miandraikitra ny ady amin'ny kolikoly ;

2. Manasazy ny fanaovana kolikoly amin'ny fampiharana ny lalàna miady amin'ny kolikoly ka mampitombo lenta ny fahitsian'ny manana andraikitra amin'ny asam-pitsarana ny fitsarana ;

3. Mampihena ny mety hisian'ny kolikoly ary mampisondrotra ny fivelaran'ny tanjaky ny toekaren'ny firenena ny rindrandamin'ny fisorohana ny kolikoly ;

4. Mampahalala ny olom-pirenena ny tokony sy ampy ho fantany hijoroany sy hirotsahany hanohitra ny kolikoly ny fanabeazana sy ny serasera ;

5. Mahazo fiarahana miasa iraisam-pirenena milamina sy mirindra amin'ny fandaharanasany sy ny laminasany amin'ny ady amin'ny kolikoly i Madagasikara;

6. Ampy sady maharitra ny vola enti-manana avy amin'ny fanjakana malagasy, ho an'ny sehatra miandraikitra ny ady amin'ny kolikoly, ary tokony hahatratra 0,3% n'ny tetibola ankapobeny ( araka ny fetra voafaritry ny « PND, axe 1 » ;

7. Miroboka amin'ny ady amin'ny kolikoly ny olona ary mahafantatra ny anjarany amin'ny maha tantsoroka môraly sy mavitrika azy amin'io ady io. Mahazo vaovao ara-potoana amin'ny fampiharana sy ny vokatra azon'ny paikadim-pirenena satria mahalala vaovao sy voaofana amin'ny SNLCC izy ary manara-maso tsy ankiato sy mitatitra izany amin'ny vahoaka.

# Fepetra tsy azo iodivirana ho an'ny fahombiazana

**> Fialohavan-dàlan'ny fanehoana sàtana mpitarika nasiônaly , atao azo tsapain-tànana amin'ny alalan'ireto finiavana politika ireto:**

1.Ny fampiharana am-pahasahiana sy mifanitsy amin'ny zavamisy ny fanavaozana, ka anisan'izany ny sehatra heverina ho manan-danja noho ny maha zava-dehibe azy eo amin'ny fiainam-pirenena;

2.Famatsiam-bolam-pirenena ampy ho an'ny rafitra miady amin'ny kolikoly sy ireo mpiara-miombona antoka aminy ary koa ireo rafitra mpanara-maso;

3.Fampiharana tsy mitanila sy am-pahavononana ny lalàna sy ny sazy izay hataon'ny rafitra famaizana amin'ny mpanao, mpiray tsikombakomba ary ny mpahazo tombontsoa amin'ny fanaovana kolikoly tsy ankanavaka;

4.Fanehoana firindran'ny famindra sy ny fitantanana, ka ampiharin'ny mpitondra mihitsy ny fotokevitry ny fanjakana tsara tantana;

5.Ny tena fanaikana sy misongadina ny sehatry ny fanjakana amin'ny alalan'ny fampiharana ny fepetra sahaza, manafay na tsia ary politikana serasera sy fanabeazana ho amin'ny fanjakana tsara tantana;

6.Ny fametrahana sy ny fampiharana izay hevitra amana hetsika rehetra mampandray anjara mavitrika ny ankolafiny rehetra avy amin'ny sehatra tsy fanjakana.

**> Firobohan'ny olom-pirenena any ifotony**

1.Andraikitry ny rehetra ny ady amin'ny kolikoly. Miorina eo amin'ny fitokisana, fanohanan'ny olona ary indrindra ny firobohana sy ny fandraisana andraikitry ny mpisehatra (olom-pirenena, fikambanana amin-pirenena, sehatra tsy mpiankina sy mpiserasera);

2. Tokony ho mpiara-miombonantoka mahomby amin'ny tolotra ady amin'ny kolikoly ny olom-pirenena na anaty vondrona izy na tsia. Tsy mpitady fahitsiana fotsiny izy fa mpandray anjara hahatonga soatoavina ho amin'izany.

• Ao amin'ny rafitra toy ny BIANCO, ny CSI, ny SAMIFIN, ny Tendrom-pifandraisana misahana ny ady amin'ny kolikoly (Rafi-pitsarana ady heloka misahana ny toekarena hoenti-miady amin'ny kolikoly).

• Hita ho mpisehatra tsy mivantana amin'ny ady amin'ny kolikoly mba hisorohana ny fanaovana kolikoly sy hanatsarana endri-pahombiazan'ny asam-panjakana koa ny : Mediatioran'ny Repobilika, Filan-kevitra ambonin'ny mpitsara, Fiadidian-draharahan'ny Fampiroboroboana ny Fahitsiana ao amin'ny Minisiteran'ny Fitsarana, Pôlisin'ny toekarena sy Pôlisy mpanao famotorana, Zandarimaria, Tafika, Antenimiera, « Inspection Générale de l'Etat », « Agence de régulation des marchés publics » ARMP, « Inspections techniques » an'ny minisitera tsirairay sy ny fiadidian- draharahan'ny vola, Fadintseranana, Hetra, sns, Filan-kevi-pifehezana, fikambanana, mpisehatra manan-draftry ny sehatra tsy miankina, fifandaminana eo amin'ny fikambanana amin-pirenena ary mpiserasera.

# PAIKADIM-PIRENENA IADIANA AMIN'NY KOLIKOLY

# 2015 - 2025




## VINA

Ho fanjakana tan-dalàna i Madagasikara amin'ny taona 2025 ka hisian'ny fandrosoan'ny toekarena, sy ny sosialim- bahoaka ary ny tontolo iainana afaka amin'ny vahoan'ny kolikoly

Au service des peuples et des nations

# Dingana vaovao natao handresena ny kolikoly

Natomboky ny mpitondra pôlitika teo amin'ny Repobilika Fahaefatra ny zotram-panavaozana ny paikady. Ny kabary teo amin'ny lanonam-pianianan'ny Filohan'ny Repobilika ny 25 janoary 2014 no nanainga izany tamin'ny fomba azo tsapain-tanana ary niharihary tamin'ny fanendrena Tale Jeneraly vaovao ho an'ny Bianco.

# Paikady

**Tanjona manaraka paikady 1:** Hamafisana ny fanjakana tan-dalàna mba hananana fanjakana afaka mamaly ny hetahetan'ny olompirenena ho amin'ny fahamarinana.

| Lalanasa | Asa hotanterahina |
|---|---|
| **Lalanasa 1:**<br>**LAMIN'NY RAFITRA**<br>«Omena tanja-drafitra mahomby ho amin'ny ady amin'ny kolikoly ny fanjakana» | 1. Hamafisina ny fahaleovantena sy ny fahombiazan'ny rafitra miady amin'ny kolikoly<br>2. Fananana andian-tsehatra famaizana miasa sy mahavita mampihatra sazy ary manisy farany ny tsimatimanota<br>3. Mandrindra ny sazy omen'ny rafitra mpanara-maso ny asam-panjakana<br>4. Miantoka ny maha manerana ny nosy ny asa fiadiana amin'ny kolikoly<br>5. Fananana fikambanana manana sata hoe ilain'ny fiainam-bahoaka mba hiantoka ny fanarahamaso ny fampiharana ny sazy<br>6. Fanatsarana ny lalàna fisorohana sy fanenjehana ny kolikoly |
| **Lalanasa 2:**<br>**FANENJEHANA**<br>«Fitsarana Faizina ny heloka kolikoly ary valiana ny hetahetan'ny olom-pirenena ho amin'ny rariny sy hitsiny.» | 7. Fitsirihana amin'ny fomba matihanina ny trangana kolikoly<br>8. Ampiharina amin'ny ambaratonga rehetra sy amin'ny mpisehatra rehetra ny lalàna miady amin'ny kolikoly<br>9. Voaangona ny vokatry ny fanaovana kolikoly<br>10. Atsangana ny politikam-pamaizana henjana amin'ny fanaovana kolikoly |
| **Sehetra araka ny hamehana 1:**<br>**Fitsarana**<br>Faizina ny heloka kolikoly ary valiana ny hetahetan'ny olom-pirenena ho amin'ny rariny sy hitsiny. | 11. Hamafisina ny fomba famaizana amin'ny alalan'ny fametrahana ireo «pôles anti-corruption». Ahena ny irika azo anaovana kolikoly ao amin'ny fitsarana |
| **Sehatra araka ny hamehana 2:**<br>**Fitandroana ny filaminana**<br>Ampanalavirina kolikoly ny mpitandro ny filaminana mba hiantoka marina ny fitandroana ny filaminana ho an'ny olom-pirenana. | 12. Ahena ny irika azo anaovana kolikoly ao amin'ny fitandroana ny filaminana |
| **Sehatra araka ny hamehana 3:**<br>**ASAM-PANJAKANA**<br>Iantohana ny fanomezana asam-panjakana manana kalitao sy tsy mitanila | 13. Atao tena mihatra ny fitsipipitondrantena sy deôntôlôjika<br>14. Entanina amin'ny ady amin'ny ady amin'ny kolikoly ny mpiasam-panjakana<br>15. Atao azo antoka ny fangaraharana sy ny fahitsian'ny fakana olona hanao asam-panjakana |

**Tanjona manaraka paikady 2:** Atao izay hisian'ny fepetra hipoiran'ny fampandrosoan'ny toekarena

| Lalanasa | Asa hotanterahina |
|---|---|
| **Lalanasa 3**<br>Fisorohana<br>«Ahena ny irika hahazoana manao kolikoly.» | 16. Ahena amin'ny fepetra fisorohana ny irika hahazoana manao kolikoly<br>17. Alefahana ny faharefon'ny mpisehatra manoloana ny fakam-panahy hanao kolikoly<br>18. Ampiroboroboana ny kolontsaina manao tatitra amin'ny olom-pirenena ny amin'ny fomba hitantanana ny harem-pirenena |
| **Lalanasa 4**<br>Fanabeazana<br>«Beazina, ampahalalana ary atao ho tompony ny olom-pirenena.» | 19. Vokarina nyfahalalana tsara fototra sy ekenny rehetra momba ny kolikoly mba hampihenana ny irika hanaovana kolikoly<br>20. Fanairana sy fandresen-dahatra<br>21. Ampiroboroboana ny fitakiana ny mangaraharaha sy ny tamberin'andraikitra ary ny firoban'ny olom-pirenena amin'ny asam-pampandrosoana |
| **Lalanasa 5**<br>Fiarahamiasa<br>«Arindra sy ampitoviana tantana ny tohana iraisam-pirenena enti-miady amin'ny kolikoly» | 22. Arindra sy ampitoviana tantana ireo fanampiana avy any ivelany enti-manana ny hetsiky ny ady amin'ny kolikoly<br>23. Atao azo antoka ny fiarahana miasa irasiampirenena amin'ny kolikoly<br>24. Hamafisina ny fiaraha-miasa amin'ny ady amin'ny tirafikana harena voajanahary |
| **Sehatra araka ny hamehana 4:** Volam-panjakana<br>Ahena ny fahafahana manao kolikoly | 25. Atao izay hampangarahara sy eken'ny rehetra ny tohivakan'ny vola miditra sy mivoaka mba ho voasaina tsara ny fitantanana ny fananampanjaka<br>26. Atao tsara fandeha ny tetibola mifanaraka amin'izay ilain'ny olom-pirenena (endrika notsorina ho an'ny tetibola) |
| **Sehatra araka ny hamehana 5:** Harena voajanahary (harena an-kibon'ny tany, biby an'ala, ala, fanjono)<br>Arovana ny tanjak'izany eo amin'ny fernena ary ahena ny tirafika atao amin'ny harena voajanahary | 27. Arovana ireo harem-pirenena amin'ny toekarena mety hahazoam-bokatra eo no eo amin'ny alalan'ny fiarah-miasa iraisam-pirenena<br>28. Ahena ny rendrika rehetra isehoan'ny tirafika tsy ara-dalàna amin'ny harena voajanahary |
| **Sehatra araka ny hamehana 6:**<br>Fitsinjaram-pahefana, fananan-tany<br>Ahena ny fahafahana manao kolikoly | 29. Ahena ny irika kolikoly amin'ny fitantanana ary ny famidrana andraikitra sy vola any amin'ny CTD<br>30. Ampiroboroboana ny mangarahara amin'ny fitantanana ny fananan-tany<br>31. Ampiharina ny tetibola ifarimbonana any amin'ny kaominina |
| **Sehatra araka ny hamehana 7:**<br>Fahasalamana<br>Ahena ny fanaovana kolikoly hanamorana ny fahazoana fitsaboana sy fanafody ho an'ny maro an'isa | 32. Ahena ny irika idiran'ny kolikoly any amin'ny fiadidian-draharaham-pahasalamana sy ny fahazoana fanafody |
| **Sehatra araka ny hamehana 8:**<br>Fanabeazana<br>Ahena ny fanaovana kolikoly mba hanamorany fahazoana mianatra. Beazina sy ampahalalaina ary ampadraisina andraikitra ny olom-pirenena | 33. Vokarina ny vontoaty pedagôjika mba hanofanana ny tanora ho isam-bahoaka<br>34. Ahena ny hosoka any amin'ny fanadinana sy fifaninanana |
| **Sehatra hamehana 9 :**<br>Sehatra tsy miankina<br>Ahena ny fahafahana manao kolikoly. Manindry kokoa ny ady amin"ny kolikoly ao amin'ny sehatra tsy miankina ka manome lanja ny tsimbalivaly sy ny fiombonana eran-tany ny fisorohana sy ny famaizana ity hamehana ity | |

**Tanjona manaraka paikady 3:** Atao azo tsapain-tanana ny fipoiran'ny satana mpitarika nasiônaly matanjaka any ambovonana izay maneho ny finiavana pôlitika

| Lalanasa | Asa hotanterahina |
|---|---|
| **Lalanasa 6:**<br>**AMPY NY FAMATSIAM-BOLAN'NY FIRENENA**<br>«Omena famatsiam-bola ampy avy eto an-toerana ny ady amin'ny kolikoly » | 35. Omena loharanom-bola ampy sy mahaleotena ny rafitra miady amin'ny kolikoly sy fandaharanasa LCC<br>36. Ampandraisina anjara ny firaisamonim-pirenena sy ny sehatra tsy miankina ary ny mpiserasera hanara-maso ny fahazoam-bola ho amin'ny fanjakana tsara tantana sy ny ady amin'ny kolikoly |
| **Lalanasa 7:**<br>**FANETSEHANA NY FIARAHA-MONINA MANONTOLO HIADY AMIN'NY KOLIKOLY**<br>«Hetsehina ny fiarahamonina ho amin'ny ady amin'ny kolikoly, mba ho fahombiazan'izany ady izany » | 37. Atosika ny vahoaka mba hientana amin'ny ady amin'ny kolikoly<br>38. Ampirisihana hitompo sy ho tomponandraikitry fanatanterahana ny paikadim-pirenena momba ny ady amin'ny kolikoly ny firaisamonim-pirenena sy ny sehatra tsy miankina ary ny mpiserasera |

# Fanavaozana fototra sy fitodika manokana

Ireto lafiny sivy (09) ireto no fanavaozana:

(1) Fanatomorana ny sàtana mpitarika nasiônaly atao hita taratra ho tohana ara- politika sy ara-bola;

(2) Fanavaozana ny rafitra mampihatra ny ady amin'ny kolikoly, fametrahana ny Tendrom-pifandraisana misahana ny ady amin'ny kolikoly ho fanoloana ny Rafi-pitsarana ady heloka misahana ny toe-karena ho enti-miady amin'ny kolikoly;

(3) Politika vaovaon'ny fanadihadiana ho an'ny BIANCO, izay hirona kokoa amin'ny fomba fiasa tsy mifampiandriandry sy akaiky ny mponina amin'ny alalan'ny fametrahana masoivoho isam-paritra sy ny famaizana ny kolikoly;

(4) Politikan'ny ady amin'ny kolikoly isan-tsehatra, mampiroboka kokoa ny sehatra rehetra amin'ny alalan'ny rantsana miady amin'ny kolikoly, ny fandrindran'ireo tomponandraikitra voalohany amin'ny Fitantanan - draharaham-panjakana ary koa ny tamberinandraikitry ny isan'ambaratonga ny amin'ny firoson'ny asa amin'ny ady amin'ny kolikoly;

(5) Fifidianana ireo làlanasa miisa fito (07) sy ireo sehatra araka ny hamehana miisa sivy (09);

(6)Famaritana tondrom-pahombiazana voasaina sy mifanitsy amin'ny zavamisin'ny mponina sy ny toekarena;

(7) Politikana adiheloka nohatsaraina, mirona amin'ny famaizana hentitra sy ny tena fakàna ny harena vokatry ny heloka;

(8) Fitantanana mavitrika ny fanambaràm-pananana amin'ny alalan'ny fampiasana ny hairaha vaovao momba ny serasera, ny firosoana amin'ny fitrandrahana, ny fanamarinana ary ny fampahafantarana ny antontan-taratasina fanambaràm-pananana;

(9) Fandrindrana tsy an-kiato ny asa amin'ny alalan'ny fivoriana isam-potoana ataon'ireo tomponandraikitra voalohany amin'ny rafitra miantsoroka ny ady amin'ny kolikoly.